



FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**JONA SY HAGAY**  
– JONAS ET AGGEE

Talata 17 nôvambra 2020  
*Mardi 17 novembre 2020*

**NY VAVAK'I JONA (Jonà 2)**  
– LA PRIERE DE JONAS (Jonas 2)

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :**

« Niantso Ny TOMPO tamin'ny fahoriako aho ka dia namaly ahy Izy. Tao anatin'ny fiainan-tsi-hita no nitarainako dia nihaino ny feoko lanao » (Jonà 2, 3) – « *Dans ma détresse, j'ai fait appel à l'Éternel et Il m'a répondu. Du milieu du séjour des morts, j'ai appelé au secours, et Tu as entendu ma voix* » (Jonas 2, 3).

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Teny fampidirana – Introduction**

**Hira (Cantique) 406, 1-2 : Manenina aho, Ray masina ô :**

1. Menenina aho, Ray masina ô,  
Fa simba ny tsirin'ny aina  
Izay nambolenao tanatin'ny fo  
Dia lanin'ny ota ka maina.
2. Indrisy ny fahadisoako, re !  
Fa maro tsy tambo isaina,  
Kanefa, ry Tompoko, mba mamonje  
Ity ory, izay mitarina !

**Teksta 1 – Texte 1 : Jonà (Jonas) 2, 1-3 :**

1 Ary Ny TOMPO nanomana hazandrano lehibe hitelina an'i Jonà. Ary Jonà dia tao an-kibon'ilay hazandrano hateloan'andro hateloan'alina. 2 Dia nivavaka tamin'Ny TOMPO Andriamaniny tao an-kibon'ny hazandrano Jonà 3 ka nanao hoe : « Niantso Ny TOMPO tamin'ny fahoriako aho ka dia namaly ahy Izy. Tao anatin'ny fiainan-tsi-hita no nitarainako dia nihaino ny feoko lanao.

*1 L'Eternel fit venir un grand poisson pour avaler Jonas, et Jonas fut trois jours et trois nuits dans le ventre du poisson. 2 Du ventre du poisson, Jonas pria l'Eternel, son Dieu, 3 en disant : « Dans ma détresse, j'ai fait appel à l'Eternel et Il m'a répondu. Du milieu du séjour des morts, j'ai appelé au secours, et Tu as entendu ma voix.*

**Fanamarihana 1 : – Commentaires 1**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny mana-manjo - *pour les endeuillés*
- ho an'ireo izay ao anatin'ny adin-tsaina – *pour ceux qui sont tourmentés par des problèmes*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 549, 1 sy (et) 5 : I Jesosy no asandratro :**

1. I Jesosy no asandratro fa Izy no Mpanavotro,  
Ny Tanany nanafaka ny aiko tao an-davaka.  
Ny rafiko ho ketraka, izaho afa-kenatra,  
Fa manana ny Tompoko izay mandako sy aroko.

Fiverenana :

*Ry foko ô, Ankalazao*

*I Jesosy, izay Mpamonjinao.*

5. Ny masoko mibanjina tahaka ny mpiambina,  
Maniry ny Mpamonjiko ho tafahaona amiko.  
Izaho hovimbiny hipetraka eo anilany,  
Hanao ny hiran-danitra sy honina finaritra.

**Teksta 2 – Texte 2 : Jonà (Jonas) 2, 4-7 :**

4 Fa efa natsipinao tao amin'ny lalina aho, dia tao amin'ny ranomasina, ka voasafotry ny riaka aho. Nanarona ahy ny alon-dranonao sy ny onjanao rehetra. 5 Dia hoy izaho : 'Voaroaka tsy ho eo anatrehanao aho, nefa mbola nanatrika ny Tempolinao masina ihany.

*4 Tu m'as jeté dans l'abîme, dans les profondeurs de la mer, et les courants m'ont environné. Toutes tes vagues et tous tes flots sont passés sur moi. 5 Je disais : 'Je suis chassé loin de ton regard', mais je verrai encore ton saint Temple.*

6 Ny rano nanarona ahy hatramin'ny aiko, ny lalina namefy ahy manodidina. Ny zavamaniry any an-dranomasina nisingotra manodidina ny lohako. 7 Tafalatsaka tany amin'ny fanambanin'ny tendrombohitra aho. Ny hidin'ny tany nanidy ahy mandrakizay, nefa nampiakatra ny aiko avy tao andavaka lanao, TOMPO Andriamanitra ô.

*6 L'eau m'a couvert jusqu'à m'enlever la vie. L'abîme m'a enveloppé, les algues s'enroulaient autour de ma tête. 7 Je suis descendu jusqu'aux racines des montagnes. Les verrous de la terre m'enfermaient pour toujours, mais Tu m'as fait remonter vivant du gouffre, Eternel, mon Dieu !*

**Fanamarihana 2 : – Commentaires 2**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny mpitondra antsika - *pour nos dirigeants*
- ho an'ny mpitandrina – *pour les pasteurs*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 407, 1-2 : Ô, ry Raiko, izay malala:**

1. Ô, ry Raiko, izay malala tonga aho zanakao,  
Izay nania fa adala, ka mifona Aminao.  
Mamelà ny fahotako teo anatrehanao  
Ary ny fahadalako : aza mba tsarovanao !
2. He, izaho nanantena izao fiainana izao,  
Ka nandà ny Famonjena izay lazain'ny Teninao.  
Kanjo hitako tokoa fa izao tontolo izao  
Tsy mba manan-java-tsoa hampiadana ny ao.

**Teksta 3 – Texte 3 : Jonà (Jonas) 2, 8-11 :**

8 Raha reraka tato anantiko ny fanahiko, dia nahatsiaro Ny TOMPO aho ka tonga tao Aminao ny fivavako, dia tao amin'ny Tempolinao masina. 9 Izay mivavaka amin'ny sampy dia mahafoy izay Mpamindra fo aminy. 10 Fa izaho, dia feo midera no entiko namono zavatra hatao fanatitra ho Anao, ary izay nivoadiako dia hefaiko. Avy amin'Ny TOMPO ny famonjena'.

*8 Quand mon âme était abattue en moi, je me suis souvenu de l'Eternel, et ma prière est parvenue jusqu'à Toi, dans ton saint Temple. 9 Ceux qui s'attachent à des idoles sans consistance éloignent d'eux la bonté. 10 Quant à moi, je T'offrirai des sacrifices avec un cri de reconnaissance, j'accomplirai les vœux que j'ai faits. Le salut vient de l'Eternel ».*

11 Ary Ny TOMPO nandidy ilay hazandrano ka dia naloany ho eny amin'ny tany maina i Jonà.

*11 L'Eternel parla au poisson et le poisson vomit Jonàs sur la terre.*

**Fanamarihana 3 – Commentaires 3**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny ankohonantsika - *pour nos familles*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 480, 1-3 : Mamin'ny foko :**

1. Mamin'ny foko, ry Jeso ô !  
Ny Famonjena izay vitanao.  
Ny hadisoako navelanao  
Tena afaka aho mandrakizay.

*Fiverenana :*

- Jeso malala ô, Mpamonjy soa !  
Indro ny aiko raiso ho Anao.  
Velon-kanompo, velon-kanoa,  
Vonon-kanoa izay sitrakao.*
2. Tano ny foko, ry Jeso tia !  
Zaza tsy mahasaraka Anao.  
Mbola malemy, mora mania,  
Tano hifikitra ao Aminao.
  3. Aoka ny foko sy ny fonao  
Hiara-mitepo tena iray.  
Aoka ny saiko sy ny sainao  
Hiray safidy mandrakizay.

**Teksta – Texte : Efesiana 2, 1-10 :**

1 Ary ianareo dia efa novelominy fony mbola matin'ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo 2 izay nalehanareo fahiny, araka ny fomban'izao tontolo izao, araka ny mpanapaka ny fanjakana eny amin'ny rivotra, dia ny fanahy izay miasa ankehitriny ao anatin'ny zanaky ny tsi-fanarahana. 3 Teo amin'ireo no nitondrantsika rehetra tena koa fahiny tamin'ny filan'ny nofonsika, ka nanaovantsika ny lanin'ny nofo sy ny saina, ary araka ny toetsika dia zanaky ny fahatezerana toy ny sasany koa isika.

*1 Quant à vous, vous étiez morts à cause de vos fautes et de vos péchés, 2 que vous pratiquiez autrefois conformément à la façon de vivre de ce monde, conformément au prince de la puissance de l'air, de l'esprit qui est actuellement à l'oeuvre parmi les hommes rebelles. 3 Nous tous aussi, nous étions de leur nombre : notre conduite était dictée par les désirs de notre nature propre, puisque nous accomplissions les volontés de la nature humaine et de nos pensées, et nous étions, par notre condition même, destinés à la colère, tout comme les autres.*

4 Fa Andriamanitra, izay manan-karena amin'ny famindram-po, noho ny halehiben'ny Fitiavany izay nitiavany antsika, 5 na dia fony mbola matin'ny fahadisoana aza isika, dia nahavelona antsika niaraka tamin'i Kristy (Fahasoavana no namonjena anareo). 6 Ary niara-natsangany isika ka niara-napetrany any an-danitra ao amin'i Kristy Jesosy, 7 mba hasehony amin'ny andro ho avy ny haben'ny haren'ny fahasoavany amin'ny fahamoram-panahiny amintsika ao amin'i Kristy Jesosy.

*4 Mais Dieu est riche en compassion. A cause du grand amour dont il nous a aimés, 5 nous qui étions morts en raison de nos fautes, il nous a rendus à la vie avec Christ - c'est par grâce que vous êtes sauvés -, 6 il nous a ressuscités et fait asseoir avec lui dans les lieux célestes, en Jésus-Christ. 7 Il a fait cela afin de montrer dans les temps à venir l'infinie richesse de sa grâce par la bonté qu'il a manifestée envers nous en Jésus-Christ.*

8 Fa Fahasoavana no namonjena anareo amin'ny Finoana. Ary tsy avy aminareo izany fa fanomezana avy amin'Andriamanitra, 9 tsy avy amin'ny asa fandrao hisy hirehareha. 10 Fa asany isika, voaforona tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara, izay namboarin'Andriamanitra rahateo, mba handehanantsika eo Aminy.

*8 En effet, c'est par la grâce que vous êtes sauvés, par le moyen de la foi. Et cela ne vient pas de vous, c'est le don de Dieu. 9 Ce n'est pas par les oeuvres, afin que personne ne puisse se vanter. 10 En réalité, c'est lui qui nous a faits; nous avons été créés en Jésus-Christ pour des oeuvres bonnes que Dieu a préparées d'avance afin que nous les pratiquions.*

**Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :**

Rainay ô, izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,

Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,*

*Que ton Nom soit sanctifié,*

*Que ton Règne vienne,*

*Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.*

*Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.*

*Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.*

*Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.*

*Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

### **Tso-drano – Bénédiction :**

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

*Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !*

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

*Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !*

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

*Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !*

### **Fanirahana - Envoi :**

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.

*Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !*

**Fiangonana (Assemblée) :** Isaorana anie Andriamanitra – *Nous remercions Dieu.* Amen !

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**